








Feno 20 taona tamin'ity tona 2020 ity ny « Resolution 1325 » izay mifototra amin'ny fiahiana ny zon'ny vehivavy, ny fandriampahalemana sy ny filaminana.

Teny amin'ny efitrano fivoriana ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny Anosy ny faha 04 Désambra 2020 no nanatanterahana ny atrikasa mahakasika azy io, izay teo ambany fiahian'ny Minisitera ny Mponina (MPPSPF).




Nitarika ny atrikasa ny Tale jeneraly misahana ny fampivoarana ny vehivavy sy ny avy amin'ny sampandraharaha *"Gender Mainstreaming".*

Novelabelarina nandritra izany ny maha zava-dehibe ny fisian'ilay *"Résolution 1325"*sy ny dingana efa vita nandritra izay 20 taona izay ary ny ezaka mbola ho atao.

Ny *"Résolution 1325"* dia fanapahan-kevitra nivoaka sy noraisaina tao anatin'ny fivorian'ny filankevitra ambony momba fandriampahalemana ny Firenenena mikambana (ONU) izay mitondra ny laharana faha-1325.

Resahina ao anatin'io ny momban'ny fandraisan'ny vehivavy anjara ao anatin'ny fandriampahalemana. Tsy mitazam-potsiny fa tena mandray anjara no ataon'ny vehivavy rehetra amin'izany. Ka tafiditra amin'izany ny fisorohana manoloana ny ady mety misy eo amin'ny firenena iray.


www.madagate.org

[illegible]


www.madagate.org

[illegible]


www.madagate.org


www.madagate.org

[illegible]




**Soratra sy Sary Andry Rakotonirainy**